## Fijoroana vavolombelon'i masera Claire (Frantsa)
### tao amin'ny Fikambanan'ny NATIVITE



**« Fahatsiarovana iray izay tena nanamarika ahy indrindra, hatramin'ny federasiôn'ny sœurs du Christ, dia ny fahatongavako tao Ablon (Frantsa – kôminôten-dry masera CHRIST ROI d'Ablon) tamin'ny Aogositra 1972. Nanao andrana voalohany tamina Fikambanana hafa aho, ary tsy dia nisy fahalàlana loatra tamin'ny fahatongavako, ary raha notadiaviko tamin'ny sarintany Ablon dia teboka kely tena bitika.. Farany hoy aho, ''mbola anisan'ny faritr'i Paris!''. Dia tonga tao Ablon aho ka dia talanjona ! Noraisin-dry masera tamin'ny fomba miavaka, feno fanajana, tamin'ny fo misokatra, mampisy lanja mavesatra ny maha mpirahavavy . Nanampy ahy hiditra tao amin'ny kôminôte izany, ary ry maseran'i Ablon dia tonga tena rahavaviko marina »**

****